Ary Hatramin'Io Fotoana Io

Azo antoka fa tsara ny tafaverina sy mandre ny rahalahy, pasitera, nanome ny fijoroana vavolombelon'ny fahasoavan'Andriamanitra, ny amin'ny zananivavy kely. Izany dia tahaka ny Tompo Jesosy fotsiny, manao zavatra tahaka an'izany. Izany tokoa no izy.

2 Ankehitriny, dia tena faly isika, izao hariva izao, ny manana miaraka amintsika, ny anankiray amin'ireo vahinintsika eto amin'ny, araka ny iantsoantsika azy, ny fotoam-bavaka amin'ny alin'ny Taona Vaovao, sakaizako tsara, Rahalahy Ernie Fandler, iray amin'ireo niova fo ho an'i Jesosy Kristy Tompo, amboara iray an'ny fahasoavana. Ny tokantranony voalohany dia any Soisa, avy any izy. Ary mino aho, ny rahalahy iray miaraka aminy any, izay mipetraka any Shawano ankehitriny, Alemandy iray ara-pihaviana, ny Rahalahy Waters. Faly isika manana azy ireo miaraka amintsika izao hariva izao.

3 Avy eo isika dia manana, ihany koa, miaraka amintsika izao hariva izao, ny—ny rahalahin'ny finoana sarobidy iray, Afrika Atsimo, Rahalahy David duPlessis. Faly isika manana azy miaraka amintsika, ihany koa. Ary isika dia. . . Izaho sy David dia—dia miandry, na mivavaka, mba hanomezan'ny Tompo asa lehibe iray miaraka ho anay, amin'ity taona ho avy ity, any Afrika sy ireo ampahany samihafa an'izao tontolo izao. Eto Rahalahy David ankehitriny mba hiresaka an'izany, ary hivavaka ho an'izany, manomboka izao ka hatramin'ny Alatsinainy, mba hanapa-kevitra hoe rahoviana marina sy aiza, any—any Afrika, sy ireo ampahany samihafa an'izao tontolo izao no handehanana. Satria, Rahalahy David dia efa nanana asa iray tena malaza niaraka tamin'ny Fivoriambe Pentekotista Maneran-tany, ary fantatra tsara eo amin'ireo mpitarika fivavahana malaza maro manerana an'izao tontolo rehetra izao. Ary efa tena mahay mitaona mihitsy amin'ny fandresen-dahatra sy firesahana, tahaka antsika ankehitriny mihitsy, mba hanampy sy hitondra an'ilay Vatan'i Jesosy Kristy miaraka, avy amin'ireo anaram-piangonan'ny finoana rehetra. Tsy mampaninona izay (izy ireo) fiangonana ananan'izy ireo, na izay (izy ireo) marika nanamarihana azy ireo. Ilay izy dia io, ilay Fiangonana, Izay nahafatesan'i Kristy.

4 Ary nieritreritra an'izany aho mazàna. Nanampy tamin'ny famoriana an'ireo biby fiompy aho fahiny, matetika, tany Andrefana. Niakatra tany ambony tany izahay, Rahalahy David, ary nipetraka teo amin'izay nampidiran'izy ireo ny biby fiompy tao amin'ny fefy natsangana, tany amin'ireo tendrombohitra, mba hamahana azy ireo teo amin'ilay. . . hamela azy ireo hiraoka ahitra teo amin'ireo ahi-maintso, ilay. . . an'ilay ala.

Nandritr'izany, dia nitombo ireo ahitr'ala teny ambany, ireo ahitr'ala dia. Avy eo dia jinjainy ireo ahitr'ala, ary amahanany an'ilay biby fiompy mandritry ny—mandritry ny fotoan'ny ririnina, rehefa tena tratry ny tafiotran'oram-panala izy ireo, any an-tendrombohitra.

5 Ary nipetraka teo ambonin'ny lasely aho fahiny ka nandinika an'ireo mpiandry ala mampiditra an'ireo biby fiompy ireo; ary ny toeram-piompiana tsirairay, teny ambany, izay afaka namokatra mololo iray taonina. Raha afaka namokatra mololo dimampolo taonina izy ireo, izany dia midika fa afaka mametraka biby fiompy dimampolo izy ireo. Raha afaka mamokatra mololo arivo taonina izy ireo, dia biby fiompy arivo loha no afaka miditra ao. Ny lehilahy tsirairay, dia mametaka marika iray eo amin'ireo ombivaviny. Mandinika an'ireo marika izy ireo, mazava ho azy, ireo toeram-piompiana samihafa, mba tsy hampifangaroany azy ireo. Ary amin'izay fotoana izay rehefa ny . . .

6 Ilay mpiandry ala, tsy liana loatra amin'izay karazana marika hiditra izy, satria nisy ny karazana marika rehetra teo. Fa nisy zavatra tokana izay tena tsy maintsy nohamarininy mihitsy, izany dia ilay etiketin-drà. Tsy maintsy voasoratra hoe Hereford, raha tsy izany dia tsy afaka niditra teo amin'ilay vavahady izy ireo. Averiny izy ireo. Hitanareo?

7 Ary heveriko fa ho tahaka an'izany amin'ny Fitsarana. Izany dia tsy hoe marika inona no entintsika, fa hoe raha eo ilay etiketin-dRà. Izany ilay zavatra izay—izay hikaonty, ilay etiketin-dRà.

Ary tena faly aho ny manana an-dRahalahy David miaraka amintsika.

8 Ary hitako fa teto Rahalahy Estle Beeler vao tsy ela akory izay. Nahita azy nitsangana tery aoriana tery aho, tany ho any. Ary ireo mpitoriteny hafa izay tiantsika ho henoina, izao hariva izao. Ary, avy eo, dia ataoko fa ho avy Rahalahy Ruddell sy izy ireo, satria hijanona hatramin'ny misasakalina izy ireo.

9 Na izany aza, Rahalahy David dia tsy afaka hijanona hatramin'ny misasakalina. Lehilahy tena ilaina izy, hatraiza hatraiza. Ary vantany vao nandre Rahalahy Rodgers fa teto izy, nahoana, dia naniraka izy ary haka azy ho any amin'ny folo. Koa izany dia midika fa hiala eto izy, tsy ho ela mihitsy, mba handeha ho any Louisville atsimo.

10 Ary nihevitra aho fa ho tsara, raha hety tsara amin-dRahalahy David izany, raha—raha hanao azy hiakatra isika ka hiresaka an'izay ao am-pony, hitory teny ho antsika, hanao izay rehetra apetraky ny Tompo. Ho tiantsika rehetra ny hihaino an-dRahalahy David duPlessis, avy any Afrika Atsimo.

11 Mamelà ahy hilaza an'ity. Fa, rehefa tany aho, tany Afrika, tao amin'ny asam-pitoriako lehibe izay nomen'ny

Tompo anay tany, dia ny rahalahiny no mpandika teniko, Rahalahy Justus. Mino aho fa ny anarany dia Rahalahy Justus. Ary fianakavian'olona tena mahafinaritra, ireo duPlessis mirahalahy ireo. Heveriko fa misy . . . Ataoko fa mpitoriteny izy rehetra, araka ny fantatro, ary angamba ny rainy, ihany koa, dia efa mpitoriteny. Ary avy amin'ny fianakavian'olona mahafinaritra izy ireo. Ary Rahalahy David dia mitondra anarana malaza iray eo anivon'ireo fiangonana sy anarampiangonana rehetra manerana an'izao tontolo izao.

12 Ary Rahalahy David, tiako ianao hiakatra ankehitriny ka hiresaka ho anay, na inona na inona napetrak'Andriamanitra ho lazaina ao am-ponao. Miakara avy hatrany. Ary tena faly aho ny mampahafantatra amin'ny fiangonako, izao hariva izao. Ity no Rahalahy Orman Neville, ny pasiteranay. Ary ho an'ny fiangonana, dia ity no iray amin'ireo sakaizako sarobidy, sy—sy lehilahy mpiady ao amin'ny asan'Andriamanitra, Rahalahy David duPlessis avy any Afrika Atsimo. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy David.

13 [Miresaka Rahalahy David duPlessis. Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] . . . miresaka. Amena. Nanao isika rehetra. Rahalahy David, miverena haingana ary miaraha aminay indray. Tena mahafinaritra izany. Azo antoka fa faly izahay.

14 Nilaza zavatra sasantsasany Rahalahy David teo, naniry fotsiny aho ny hanana ny peniko, mba nahafahako nandray naoty azy ireny. Fa ho tsaroako foana ilay hoe "zafikely lahy; ireo zafikely."

15 Eny, azo antoka fa ankasitrahantsika ny famangian'ny rahalahintsika. Ary izy dia . . . efa ny . . . nifandray tamin'ny Kanferansa Maneran-tany an'ireo mpino Pentekotista, ary lehilahy malaza iray ao amin'ny laharan'asany manerana an'izao tontolo rehetra izao. Ary tena faly isika, izao hariva izao, ny manana an-dRahalahy David tonga miresaka amintsika amin'ity alin'ny Taona Vaovao ity. Ary afaka mahita ianareo hoe inona no heverin'ireo lehilahy malaza mikasika ny Tompontsika, heveriny mikasika ny Mpanompony lehibe.

16 Ankehitriny dia mino aho fa, rahampitso, satria Taona Vaovao, ora vitsy fotsiny izany ankehitriny. Ary tsy maintsy hiainga aloha be aho ny maraina, noho izany dia nihevitra aho fa hiresaka kely fotsiny aho, raha mety tsara amindRahalahy Neville izany. [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny. Amena."—Mpand.] Rahalahy Beeler, sy ireo mpitoriteny hafa eto. Tsy haka fotoana betsaka aho. Ary heveriko, fa raha hilaza isika hoe "Amena," ka handeha hody, dia ho hafatra mahafinaritra iray izany. Ary afaka hankasitraka ny Tompo isika ny amin'izay ananantsika eto, izao hariva izao.

17 Ary ankehitriny, fa ity dia alin'ny Taona Vaovao, dia hifampikarakara fotsiny isika, amin'ny

Fanjakan'Andriamanitra, hitory teny, mandra-pahatongan'ny Taona Vaovao. Ary manana aho . . . nifoha aho ny maraina, tena aloha be, talohan'ny andro. Ary tsy tanora tahaka an'i David aho. Angamba aho . . . Angamba tsy mahatsapa ho tanora noho izy aho. Izy dia . . . Mazava ho azy, Davida dia kely—antitra kely kokoa noho izaho. Heveriko fa mihoatra fito na valo taona izy, angamba folo. Fa tena vongan'afo iray ho an'Andriamanitra tokoa izy, nahavita dia dimy alina maily tamin'ity taona ity, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Eo amin'ny làlany handeha hitory teny any amin-dRahalahy Rodgers ankehitriny, ary rahampitso dia hiaraka amin'ny anankiray, any an-kafa any ho any, sy any an-kafa any ho any, ary any an-kafa any ho any, ka hiverina eto indray amin'ny Alatsinainy. Ary tsy maintsy mihaona aminy aho mba hanao an'ireo fandaminana ho an'ny dia eran'izao tontolo izao izay ho avy ankehitriny.

18 Ary tokony ho any Afrika izahay, raha azoko tamin'ity tolakandro ity, amin'ny Marsa, ity—ity Marsa ho avy ity. Tokony hihaona amin'i Clayton Sondmore aho, avy amin'ny Full Gospel Christian Business Men, amin'ity herinandro ity, na io herinandro ho avy io, ny tapany voalohany, ka hanao an'ireo fandaminana ho any Jamaica, Haiti. Handeha ho any Kentucky aho ny herinandro manaraka, na hankany Georgia, hanao an'ireo fivoriana any. Hiverina avy hatrany ary hidina any Kentucky, hariva iray eto, ary hariva iray any, hitsidika an'ireo fiangonana ireo. Ary hiverina avy hatrany any an-trano avy any, ary handeha ho any—any—any Atlantic City, mba hanomboka ny 27, hatramin'ny faha-30, ary hiala any ny marainan'ny faha-1, ary hanomboka any—any Kingston, Jamaica, ao amin'ilay fi- . . . kianja fihazakazahana, io hariva io, mandritry ny fivoriana folo andro any. Ary avy any, dia ao Haiti, ary na aiza na aiza. Tsy fantatray hoe handeha ho aiza avy any, fa izay hitarihan'ny Tompo anay fotsiny.

19 Ankehitriny, mbola eo am-panaovana ireo rehetra ireo. Hitanareo? Tsy mbola nilaza aho hoe eny. Eto i David, ho avy i Clayt. Gordon, ho avy Rahalahy Gordon Lindsay, ho any Amerika Atsimo. Ary—ary ny sisa, ny Christian Business Men dia ho any Amerika miteny Latina. Ary Rahalahy David dia ho any Soisa, Alemaina, manohy. Fa tsy mbola mahafantatra izahay. Manohiza mivavaka ianareo. Tsy te-handeha na aiza na aiza aho raha tsy Andriamanitra no milaza hoe mandehana, ary amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako. Noho izany, raha mahatsapa ho voatarika handeha aho, amin'izay fotoana izay rehefa midina ny fiaramanidina aho, izaho . . . Ary tsy mampaninona na inona na inona ilay fanoherana, dia afaka milaza aho hoe, "Tonga amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho."

20 Mankasitraka an'i David aho, ny fisakaizana izay niarahanay nanana, satria lehilahy iray tena ilaina ilay lehilahy, saingy izy—izy—izy dia mino tokoa an'ity asam-panompoan'ny

Tompo ity. Mino tokoa izy. Ary—ary ny anaranay dia efa niaraniasa nanerana an'izao tontolo rehetra izao ankehitriny, izaho sy Rahalahy David.

21 Ary tena faly aho ny manana fiaraha-miasa amin'ny lehilahy iray tahaka an'izany. Koa, ry sakaiza, mankasitraka an'izany aho. Fa ny zavatra lehibe indrindra izay azoko eritreretina hiaraha-miasa dia Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Anankiray lehibe.

22 Ankehitriny, Rahalahy Neville sy ny sasany amin'izy ireo dia hiresaka afaka fotoana fohy, fa tiako ny hamaky zavatra kely iray fotsiny avy ao amin'ny Soratra ankehitriny.

23 Ary tsara, heveriko, amin'ny alin'ny Taona Vaovao, ny mahita an'ireo mpitory teny samihafa, sy ny fomba hanatonan'izy ireo lahateny iray, ary izay lazain'izy ireo, sy ny sisa. Ary ny lehilahy tsirairay dia manana ny fomba fitoriany manokana. Fantatrareo, tsy nanao antsika rehetra hitovy Andriamanitra. Nanao antsika ho samihafa Izy. Nanao antsika ho samihafa eo amin'ny tsanganantsika Izy. Nanao an'izao tontolo izao ho samihafa Izy, sy ireo tendrombohitra goavana, ireo tendrombohitra kely, ireo tanety, ireo tany efitra, ireo voninkazo fotsy goavana, ireo voninkazo manga, ary ireo karazana samihafa rehetra. Manao antsika ho samihafa fotsiny Izy. Izay ihany. Izy no manao an'ireo volo mena, sy ireo volo mainty, volo volontany, volo fotsy; matavy, mahia, lava, oh, inona koa. Hitanareo? Izy fotsiny—manao antsika ho samihafa fotsiny Izy. Andriamanitra dia Andriamanitry ny karazana. Ary ohatry ny tiako izany. Ary ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Saingy ilay zavatra iray foana mihitsy ve? Oadray! Oadray! Tiako izany.

24 Noho izany dia ndao isika hamadika ankehitriny ao amin'ny Soratsika, ao amin'ny Bokin'i Masindahy Matio, Filazantsaran'i Masindahy Matio, manomboka amin'ny . . . Ary ny andininy faha-4, tiako ny hamaky mandritry ny . . . hamaky lahateny iray ho antsika, raha manampy antsika ny Tompo. Masindahy Matio, ny toko faha-4.

Mino aho, alohan'ny hamakiantsika, dia ndao isika hivavaka.

25 Ray any An-danitra Mpiahy, amin'ny fo mankasitraka indray no anatonanay an'ity taona vaovao ity. Ary manatona Anao izahay ka mitondra eo Aminao an'ireo fiahianay rehetra an'ny lasa, ka mangataka mba Hametrahanao azy ireny ao amin'ny ranomasin'ny fanadinoina, ka tsy ho tsarovana aminay intsony ireo fahotanay. Ary enga anie izahay tsy hanamarina ny tenanay ara-panahy fotsiny ihany, fa ao amin'ny . . . enga anie izahay hanamarina ny fiombonanay Aminao. Ary mamelà anay amin'ny fahotanay rehetra. Ary mangataka izahay mba hifanarahan'Ny Fanahinao aminay izao hariva izao. Ka raha

misy zavatra tsy madio mikasika anay, Tompo, dia esory lavitra tahaka ny atsinanana amin'ny andrefana izany. Atsipazo ao amin'ny ranomasin'ny fanadinoina izany, mba tsy ho tsarovana aminay intsony, mba ahafahanay miditra amin'io taona vaovao io, madio, voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry, ary ho vonona.

26 Enga anie ity 1960 ity ho taona lehibe indrindra izay hany hanompoanay Anao. Omeo mihoatra izahay, be dia be. Ireto fivoriana izay eo am-pandrosoana ireto, Tompo, izay heverinay miaraka amin-dRahalahy duPlessis, sy manerana an'izao tontolo izao, any Azia, sy any Eropa, ary ny rehetra—ny rehetra manerana. Tompo, aoka ny Sitraponao sy Ny Herinao no hitarika amin'ireo zavatra ireo. Ary raha sendra miala amin'ny Làlanao Masina voatendry izahay amin'ny fotoana rehetra, dia enga anie ny Fanahy Masina hametraka sakana iray eo amin'ilay làlana ka hanakana anay, Tompo, ary hamerina anay eo amin'ilay toerana marina. Ekeo izany.

27 Tahio ity fiangonana kely ity, Tompo. Saiky, manakaiky ny telopolo taona izao, heveriko, no nitsanganany teto ankehitriny, ho tsangambato iray an'ny fahasoavan'Andriamanitra, ho an'ny vahoaka iray manetry tena. Mivavaka izahay, Ray, mba Hitahianao an-dRahalahy Neville, ny pasitera. Tahio ny fiangonana rehetra. Tahio ireo mpitantan-draharaha, ireo diakona, ny mpitarika hira, ny mpitendry piano, ny laika rehetra, ny tsirairay avy, ireo mpampianatra sekoly Alahady, na inona koa. Tompo, enga anie izahay ho afaka hitombo ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ity taona ity. Ary enga anie ny mpikambanay hitombo isa betsaka, ary—ary ny Fahasoavanao betsaka, ka, mihoatra noho ny tamin'ireo taona lasa. Ekeo izany, Ray.

28 Ankehitriny dia ampio izahay raha manatona an'ity lahateny izay ho vakianay ity, Ny Teninao. Ary Ianao irery ihany, Tompo, no afaka mandika ka mivavaka izahay mba Hanekenao an'izany ho anay, nohon'ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

29 Ho lazaiko izao ankehitriny izao izay nofidiako ho an'ny lahateny iray mandritry ny fotoana vitsy manaraka. Izany dia hita eto amin'ny Soratra eto, ary ho vakiako izany. Ny fiantsoana azy, tiako ny hiantso azy an'izao hoe, "hatramin'io fotoana io."

30 Tsy nieritreritra aho, nilaza aho indray hariva, tsy nihevitra ny ho tonga aho, satria dia niha-tankina ny tendako. Ary nilaza tamiko ny vadiko omaly, na afak'omaly, hoy izy hoe, "Noho izany dia ataoko fa tsy handeha any am-piangonana ianao."

31 Dia hoy aho hoe, "Malala, tsy mihevitra an'izany aho. Tena marary sy tankina ny tendako."

32 Ary avy eo, tamin'io alina io ihany, rehefa nipetraka aho ka naka ny Soratra, dia tonga teo amin'Ity aho.

33 Nandalo Rahalahy Sothmann. Hoy izy hoe, "Handeha any am-piangonana ve ianao rahampitso hariva?"

Hoy aho hoe, "Hia. Ho any aho."

34 Dia nitodika nijery ahy i Meda, ka hoy izy hoe, "Tsy azoko ianao."

Hoy aho hoe, "Tsy manantena anao hahazo aho, hitanao," hoy aho, "na ny anankiray hafa koa."

35 Tsy misy anankiray izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra afaka ho azo mihitsy.

36 Ny Tompontsika, tsy nety nahazo Azy izy ireo. Izy dia toy ny hoe niresaka tamin'ny fomba iray Izy, tamin'ny minitra iray; ary tamin'ny fomba iray hafa, tamin'ny minitra iray hafa. Ary tany an-kafa tany ho any dia niresaka mikasika zavatra iray hafa Izy. Amin'ny fotoana iray dia Jesosy no miteny, amin'ny fotoana hafa dia Andriamanitra no miteny. Hitanareo? Na dia ireo mpianatra aza dia nilaza tany, tamin'ny farany, nanao hoe, "Indro, miteny mazava Ianao ankehitriny. Ankehitriny dia azonay." Hitanareo?

37 Dia hoy Jesosy hoe, "Ianareo ve ma-. . . Ary mino ve ianareo ankehitriny?" Hitanareo, taorian'izany.

38 Tsy vitanareo fotsiny ilay izy, satria tarihin'ny Fanahy ianareo. Ary raha manomboka manao zavatra iray ianareo, dia hitanareo fa mahita ianareo hoe ianareo dia. . . Te-hampiasa anareo any ho any Andriamanitra. Tsy maintsy mijanona ianareo *eto* ary mandeha *eto*, tarihin'ny Fanahy fotsiny. Izy ireo dia olona mahatsikaiky, hafahafa izay manana fiainana izay tianareo hatokana ho an'Andriamanitra.

39 Ary avy eo dia milaza foana an'izao aho hoe, "Hataoko io raha sitraky ny Tompo." Hitanareo? Raha manao fampanantenana iray ho an'ny olona anankiray aho dia hoe, "Hataoko izany raha sitraky ny Tompo." Hitanareo? Ary noho izany, amin'izay fotoana izay, raha tsy sitraky ny Tompo ilay izy, izaho dia . . . Hiresaka eo amin'ity Hafatra ity aho raha sitraky ny Tompo. Afaka manome ahy antso iray Izy, ao amin'ity Hafatra ity mihitsy, mba hiainga ho any California. Hapetrako eny amin'ny ilany ny zavatra rehetra dia hiainga ho any California aho, haingana arak'izay azoko handehanana.

40 Ary te-hiaina tahaka an'izany aho. Tsy mila na inona na inona hamatotra ahy eto ambany eto aho. Tsy mila zavatra goavana be iray aho na iray hafa, izay mitentina an-tapitrisany dolara, sy izay tsy maintsy hahazoanareo vola betsaka, isan'andro, mba hamatotra ahy eto ambany eto. Izaho dia te-ho, any, rehefa hoy Andriamanitra hoe, "Tiako handeha eto amin'ireto olona eto ireto ianao. Dimy fotsiny izy ireo. Fa mandehana mankany, ary mijanòna any mandra-Piteniko aminao hiala." Te-handeha eo aho. Tsy manana

fanerena, izao fotsiny . . . ary raha Tiany handeha any am-pitandranomasina aho.

41 Ankehitriny dia ity ilay izy, voalaza mihitsy, mandeha any Alemaina, na any—any Afrika. Ary vehivavy iray mpanapitrisa, tamin'ny fotoana izay nametrahan'ny Fanahy an'izany teo amiko mihitsy mba handeha any Afrika, dia hoy izy hoe, "Izaho no hiantoka ny dia ary handoa ny kely indrindra amin'izany." Hitanareo? Izay ihany. Nahoana aho no tokony hiahiahy mikasika ny vola sy ny sisa, nefa ny Raiko no tompon'izany rehetra izany? Hitanareo? Afaka miteny fotsiny amin'ity lehilahy mpanan-karena ity Izy, na itsy lehilahy mpanan-karena itsy, na ity vahoaka ity, na itsy vahoaka itsy, ka tsy mila miahiahy mikasika an'izany aho. Hitanareo? Andriamanitra no miahy an'izany rehetra izany.

42 Rahalahy Roy, izany no fomba hiainana. Mamela Azy fotsiny hiahy an'izany. Tena tsara izany.

43 Ankehitriny dia ndao isika hamadika ao amin'ny Soratsika, ao amin'ny toko faha-4. Ary ndao isika hanomboka ha—hamaky, eo amin'ny andininy faha-12-n'ny toko faha-4 an'ny Filazantsara araka ny Masindahy Matio.

> *Ankehitriny Jesosy rehefa* avy . . . Ary *ankehitriny rehefa ren'i Jesosy fa natao tao an-tranomaizina i Jaona, dia niala* nankany *Galilia izy;*
>
> *. . . niala tany Nazareta, dia tonga ary nonina tao Kapernaomy izy, izay eo amoron-dranomasina, ao amin'ny zara-tanin'i Zebolona* ao *Naftaly:*
>
> *Mba hahatanteraka an'izay nampitenenina an'i* Isaia *mpaminany, nanao hoe,*
>
> *Ny tanin'i Zebolona, sy ny tanin'i Naftaly, any amoron-dranomasina, any an-dafin'i Jordana, Galilian'ny Jentilisa;*
>
> *Ny olona* izay *nitoetra tao amin'ny maizina dia nahita mazava lehibe; ary ireo* izay *nitoetra tao amin'ireo* faritry ny *aloky ny fahafatesana no niposahan'ny mazava.*
>
> *Hatramin'io fotoana io dia nanomboka nitory teny Jesosy, ka nanao hoe, Mibebaha: fa antomotra ny fanjakan'ny lanitra.*

44 Tiako ny hiresaka eo amin'ny lohahevitra hoe: *Ary Hatramin'Io Fotoana Io*. Fantatrareo, amin'ny maha-olombelona, isika rehetra dia mieritreritra an'ireo zavatra avy amin'ny fotoana iray. Zavatra iray izao-sy-izao no nitranga, ary hatramin'io fotoana io. Ary ankehitriny, matetika, raha mihaona amin'ny lehilahy antitra iray ianareo na vehivavy antitra iray, dia tian'izy ireo ny manondro ny fotoana iray izay nisehoan'ny

zavatra iray, ary afaka manamarika mazava tsara an'izany izy ireo ka manao hoe, "Tamin'io fotoana io izany."

45 Ankehitriny, ataoko fa saiky ny rehetra amintsika eto, izao hariva izao, dia afaka manambatra, fahatsiarovana an'ireo zavatra sasany izay niseho tamin'ny fotoana iray. Hatramin'io fotoana io, dia nisy zavatra niova. Zavatra iray *izao-sy-izao*, izany no nitranga tamin'io fotoana io. Ary nanomboka tamin'io fotoana io, dia hafa ilay izy. Ary zavatra tsara iray fa afaka isika. Ary ny sasany amin'ireo fitadidiana, an'ireo zavatra izay eritreretintsika, dia zavatra mendrika izay niova. Ary misy zavatra sasany izay tsy mendrika ny ho eritreretina mihitsy.

46 Ohatra, raha ilay vehivavy ratsy laza iray, izay nilaza hoe, "Nisy fotoana iray izay naha-zazavavy tsara ahy, marina, tsara fitondran-tena. Fa tamin'ny hariva iray, na toerana iray, dia nisy zavatra iray nitranga." Ary hatramin'io fotoana io, dia teo amin'ilay làlan-dratsy izy. Simban'ny fahotana ny fiainany, ary mainty sy maizina, ka ny fitsarana irery ihany sisa no miandry azy. Fa afaka nahatsiaro izy, hatramin'io fotoana iray io, dia nitranga ilay izy rehefa naka an'ilay làlan-dratsy izy.

47 Ilay—ilay lehilahy mamo, izao hariva izao, eny an-dàlambe, izay miezaka mandentika ny alahelony. Mety maka azy ianareo. Tahaka ahy teny amin'ilay tampon-kavoana teto, indray andro lasa, tany New York, ilay foibe malazan'ny olona mamo. Nandeha niaraka tamin'ny mpitoriteny iray aho. Ary nandry teo ny lehilahy iray, oh, feno lehilahy mihitsy, tsy ratsy fanahy, tsy misy mpanampy, nandry teo niaraka tamin'ny akanjony teo alohany mando tanteraka, ary—ary ny volombavany nanerana ny tavany, ary tao anatin'ny toerana iray nahatsiravina fotsiny. Ary tsy ratsy fanahy tanteraka izy ireo.

48 Dia hoy ity mpitoriteny ity hoe, "Alaivo io anankiray io, dia anontanio fotsiny izy."

49 Dia nandeha teo amin'io lehilahy izay nandry niaraka tamin'ny tongotra iray nitsivalana teo amin'ny arom-pifandonan'ny fiara iray io aho, ary ny lohany nandry teo amin'ny làlambe, sy izay tsy nahafahany mba—mba—mba handeha amin'ny fotoana rehetra, ho any amin'ny trano fivoahana. Oh, tao anatin'ny toerana iray nahatsiravina fotsiny izy. Ary nihazona azy aho, ka hoy aho hoe, "Afaka miteny ve ianao?" Fa tsy te-hanome valiny ahy izy.

50 Noho izany dia niondrika ilay mpitoriteny. Mahafantatra betsaka izy ny amin'ny hoe ahoana no hifampiraharahana aminy. Dia nanontany azy izy hoe, "Iza ianao?"

51 Ary farany dia nanao azy ho tafafoha tsara izy, hany ka hoy izy hoe, "Raha hividy zava-pisotro iray ho ahy ianao!" Ary dia hita avy eo, fa afaka nanondro ny rantsan-tànany nankany amin'ilay banky izay naha-filoha azy taloha izy.

52 "Eny," hoy izy, "mpitory teny izahay. Azonao tenenina amiko ve hoe inona no niseho?"

"Raha hampanantena ahy zava-pisotro iray ianao!"

53 Eny, tsy afaka manao an'izany izahay. Hoy aho hoe, "Tsy afaka manampy alahelo amin'ny alahelonao aho. Te-hanampy anao aho."

54 Ny tantarany rehetra. Tonga tany an-trano izy, indray hariva, ary nisy, izay nantsoiny hoe, taratasy iray "John malala" teo ambonin'ny—ny latabatra. Tamin'izay fotoana izay, dia nandao azy ny vadiny. Ary nanana . . . Tiany izy. Ary nentiny ireo zanany. Ary nisara-panambadiana izy, ka lasa nandositra niaraka tamin'ny lehilahy hafa iray izy. Dia hoy izy hoe, "Tsy fantatro izay hataoko, hitifitra ny ati-dohako, sa inona no hatao. Noho izany aho—nandeha tao amin'ilay fisotroana aho." Ary hatramin'io fotoana io, no naha-teo azy. Manerana an'izao tontolo izao izany.

55 Ilay mpandainga. Mety maka anankiray ianareo, tahaka ny nolazaiko tamin'ny lehilahy iray, indray andro, izay noheveriko fa niteny kivazivazy. Ary hitako, fa, niteny lainga betsaka izy hany ka tena nino azy ireny marina tokoa izy, ny tenany. Dia hoy aho hoe, "Inona no manao anao hanao an'izany?" Dia nipetraka aho niresaka taminy. Hoy aho hoe, "Te-hanontany anao aho. Hafahafa loatra ireo tantara ireo mba hinoan'ny olona azy."

56 Hoy izy hoe, "Ny anankiray voalohany izay hany tsaroako notenenina." Hoy izy hoe, "Zazalahy kely iray aho izay notezaina tao amin'ny tokantrano tsara iray." Dia hoy izy hoe, "Nandeha nivoaka aho ary nifoka sigara ladin-katsaka, mba ho fetsifetsy fotsiny. Ary nihinana kafe iray aho, mba hanala an'ilay izy amin'ny fofon'aiko." Dia hoy izy hoe, "Tany ambadik'ilay fivoahan-tsetroka tranainy no nanaovako an'izany, tao ambadiky ny trano." Dia hoy izy hoe, "Tsy ho adinoko mihitsy, rehefa tratran'ny reniko aho, ka hoy izy tamiko hoe, 'Anaka, avelao aho hanimbolo ny fofon'ainao.' Dia notsofiko mafy teo amin'ny tavany ny fofon'aiko, ka hoy izy hoe, 'Nihinana kafe ianao mba hanala zavatra avy amin'ny fofon'ainao. Inona no nataonao? Nifoka sigara ve ianao?'"

57 Dia hoy izy hoe, "Nisy zavatra iray niteny tamiko mba hiteny aminy ny fahamarinana." Hoy izy hoe, "Fa hoy aho hoe, 'Tsia, ry mama. Manao hazo fijaliana amin'ny foko aho. Tsy nifoka sigara aho.'" Hoy izy hoe, "Ary hatramin'io fotoana io, no nanombohan'izany."

58 Isika rehetra dia afaka mahita zavatra izay—izay nanomboka tamin'ny fotoana iray. Ary nanomboka tamin'izay, dia niova ireo zavatra. Ary misy ireo zavatra hafa mendrika izay azontsika eritreretina. Ireo lehilahy miaraka amin'ny fikasana tsara dia niezaka ny hanomboka zavatra vaovao, hanao zavatra amin'ny fotoana iray.

59 Ohatra, rehefa nahita voalohany ny herinaratra i Benjamin Franklin, ka afaka nahafehy an'izany izy ireo. Nanomboka nilaza izy ireo hoe, "Manomboka amin'ity fotoana ity, dia tsy hisy ady intsony mihitsy. Satria, io, ity herinaratra ity dia azo apetraka eo amin'ny fefy, miaraka amin'ny voltazy iray avo tahaka an'izany, hany ka tsy hisy olona afaka hiampita an'izany." Nanan-kevitra tsara izy ireo.

60 Ary taorian'ny Ady Lehibe Voalohany mihitsy, rehefa—rehefa nanasonia an'ilay fifanaraham-pilaminana i Kaiser Wilhelm. Nilazana isika teto Amerika. Zazalahy iray teo amin'ny sivy taona aho tamin'izany. Saingy afaka mahatsiaro an'ireo olona rehetra aho nanao hoe, "Tsy hanana ady iray hafa intsony isika. Manomboka amin'ity fotoana ity, voalamina ilay izy, mandrakizay." Saingy nanana ady iray hafa isika.

61 Ary rehefa ilay U.N. malaza. Na, hilaza aho hoe, talohan'izany, dia nanao an'ilay antsoina hoe Fikambanan'ny Firenena izy ireo. Dia hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny dia tsy hanana ady intsony isika, satria manana Fikambanan'ny Firenena iray isika izay hisafo an'izao tontolo izao. Ka raha misy fihokoana iray any ho any, dia ireo lehilahy avy amin'ny firenena rehetra ireo no handeha any ka ho polisin'izao tontolo izao." Saingy tsy fahombiazana iray izany. Nandeha avy hatrany nanao ady izy ireo. Ary ilay U.N. dia ho lasa ilay zavatra iray ihany.

62 Nilazana isika ankehitriny tamin'ny alàlan'ny filazana mialoha iray fa rahampitso alina na ny Alahady alina... Ilay lehilahy iray ihany izay nilaza mialoha ny amin'i Pearl Harbor, ny amin'ilay fotoana marina izay ireo—hanjeran'ireo fiaramanidina baomba azy, no nilaza, hoe, "Amin'ny Alahady alina amin'ny roa ambin'ny folo ora, dia ho lasa lavenona ny dimy amby fitopolo isan-jaton'ny vahoaka Amerikana, hoe hanjera baomba an'i Etazonia i Rosia, amin'io Alahady alina ho avy io amin'ny roa ambin'ny folo ora." Ilay lehilahy iray ihany izay nilaza mialoha ny amin'i Pearl Harbor. Tsy navoakan'izy ireo izany, satria ho taitra ny olona. Tsy mino an'izany aho. Hitanareo? Tsia. Satria, tsy afaka hahatanty ady atomika izy. Raha ny iray amin'ny azy ireo no handalo amin'ny fetran'ny feo, amin'*ity* làlana ity, dia hanipy azy ireny amin'*itsy* làlana itsy isika, ary ho lasa potipotika izao tontolo izao. Misy zavatra tsy maintsy hitranga, aloha, mialohan'ny ahatongavan'i Jesosy. Marina izany.

63 Ohatra, ilay mpivady tanora nivady. Nisy fotoana iray izay nivadian'izy ireo. Ary izy ireo—niaraka nanao ny voadiny izy ireo. Ary nianiana izy ireo, ny iray tamin'ny iray hafa, ny fahatokian'izy ireo. Ary nilaza izy ireo, hoe, "Hifankatia izahay, hifanaja ary hifankatia fatratra, raha mbola velona foana izahay roa." Fa tonga ny fotoana iray izay nitrangan'ny zavatra iray.

64 Ireo zavatra rehetra ireo, dia nisy fotoana iray izay nitrangan'ny zavatra iray. Ary angamba ny voadin'izy ireo rehetra, sy ny fikambanan'ny firenena rehetra, sy ny sisa, angamba nanana fikasana tsara izy ireo, saingy tonga eo amin'ny fiafarana iray izy rehetra. Ny rehetra dia lasa nirodana, teo ambanin'ny—ny—ny tongotry ny olona. Miaraka amin'ireo fikasana tsara rehetra izay azontsika ananana, saingy ny rehetra dia tsy maintsy tonga eo amin'ny fiafarana iray.

65 Fa misy fotoana iray izay ahafahan'ny olona ho tonga eo amin'ny zavatra iray izay Mandrakizay. Izany dia rehefa, ny olona iray, ny fotoana ihaonan'ny olona amin'Andriamanitra. Izany dia rehefa mitranga ny zavatra iray izay Mandrakizay.

66 Manao ny fahadisoantsika isika. Ary manao ny voadintsika isika amin'ny alin'ny Taona Vaovao, mba handrava azy ireny fotsiny ihany ny andro manaraka. Mamadika pejy vaovao isika, ary manao voady. Dia mandeha mankany amin'ireo pretra isika ka . . . Tsy manao isika, fa ireo Katolika no manao. Ary manao fiaikena, manao sonia an'ireo fianianana, dia manatona ny alitara isika ary mamadika pejy vaovao, saingy foana izany rehetra izany. Satria, ny fotoana manaraka izay itsivalanan'ny olona iray eo amin'ny làlantsika na zavatra iray, dia hanidina avy hatrany indray io fahatezerana ratsy io. Isaky ny tafiditra ao anatin'ny olana isika na zavatra iray, dia hitranga indray izany.

67 Fa misy toerana iray izay ahafahan'ny olona iray ho tonga, eo amin'ny fotoana iray, izay hanova azy mandrakizay, ho Mandrakizay. "Izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy," hoy Jesosy. Afaka manatona an'Andriamanitra ny olona iray, ka ny fitodiany Mandrakizay manontolo dia novaina. Ary raha afaka mihaona amin'Andriamanitra ny olona iray, dia tsy mitovy amin'ny taloha intsony mihitsy izy. Tsy afaka hihaona amin'Andriamanitra ianareo nefa mbola hijanona ho ilay olona iray ihany izay naha-izy anareo. Raha mihodina miala Aminy ianareo, dia ho olona iray ratsy lavitra noho izay hany naha-izy anareo. Raha mandray Azy ianareo, dia manana Fiainana Mandrakizay, ary Izy no hanangana anareo amin'ny andro farany, araka ny Fampanantenany.

68 Nisy fotoana iray izay nisian'ny lehilahy iray nantsoina hoe Abrahama, izay avy tany amin'ireo Kaldeana, ary nonina tao amin'ny tanànan'i Ora izy. Ary lehilahy marina iray izy, lehilahy tsara iray. Angamba, angamba izy mety nanana . . . Nanompo sampy angamba ny rainy, satria avy any Babylona izy ireo. Fa lehilahy tsotra iray fotsiny izy, ary niha-antitra. Dimy amby fitopolo taona izy, ary ny vadiny dia dimy amby enimpolo taona.

69 Ary Abrahama, indray andro, rehefa teny an-tsaha angamba izy, nihaza na inona na inona nataony, nioty voaroy, na mety ho inona ny asany, dia nihaona tamin'Andriamanitra izy. Ary hatramin'io fotoana io, dia novaina izy. Afaka niantso an'ireo

zavatra izay tsy nisy izy, ho toy ny nisy izy ireo, satria efa nihaona tamin'Andriamanitra izy. Fantany ilay minitra sy ora izay nihaonany tamin'Andriamanitra. Izany no nanova azy. Koa Andriamanitra dia niantso azy ho rain'ny firenena maro. Ary nino an'Andriamanitra sy nino ny Fampanantenany izy, satria efa nihaona tamin'Andriamanitra. Dimy amby roapolo taona taty aoriana, dia niady hevitra izy ireo, niezaka ny nahatofoka azy, niteny taminy fa nino zavatra izay diso izy. Saingy hoy ny Baiboly hoe, "Lasa nahery hatrany izy, nanome ny dera ho an'Andriamanitra." Satria, fantany fa tsy maintsy mihazona an'ilay teny fikasana Andriamanitra.

70 Izany rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny olona iray. Izany no manova ny toe-batany. Izany no manome azy fanamboloana ambony iray. Araka ny noresahako indray hariva, hoe ilay olona ara-nofo dia manana fanamboloana dimy fotsiny ihany. Fa, ilay mpino, rehefa mihaona amin'Andriamanitra izy, dia mahazo zavatra iray hafa. Izany dia fanamboloana ambony iray izay mampakatra azy any ambonin'ireo aloka. Izany no manao azy hino an'ireo zavatra izay tsy mety hiseho. Mbola mino foana izy fa hiseho izy ireo, satria Andriamanitra no niteny an'izany. Rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny olona iray, dia misy zavatra miseho.

71 Nisy fotoana iray niofanan'ny lehilahy iray tao amin'ny fahendreny rehetra, ny teolojia rehetra an'ny Tenin'Andriamanitra. Fantany ara-bakiteny Izany. Efa nampianarina izy. Nanana ny diplaoma rehetra izy. Tena nanan-tsaina izy hany ka afaka nampianatra an'ireo Egyptiana nianatra sy ireo mpampianany. Fantany daholo izany, ara-bakiteny. Fa kanosa iray niaraka tamin'izany izy, izay nandositra, nandeha tany ambadiky ny tany efitra ary niandry ny ondrin'ny vahiny iray. Fa tonga ny fotoana iray izay nihaonan'Andriamanitra taminy tany, tao amin'ny roimemy mirehitra. Ary nanomboka tamin'io fotoana io, dia novaina i Mosesy, satria nihaona tamin'Andriamanitra tao amin'ny roimemy mirehitra iray izy. Ary rehefa nifanatrika tamin'Andriamanitra, dia tsy nitovy tamin'ny taloha intsony izy.

72 Rehefa ny lehilahy iray na vehivavy iray . . . Tsy ahoako na firy ireo voady ataonareo, na firy ireo pejy vaovao avadikareo. Raha tsy efa mihaona amin'Andriamanitra ianareo, dia tsy afaka hovaina. Fa rehefa mihaona amin'Andriamanitra indray mandeha ianareo, amin'izay fotoana izay dia novaina mandrakizay.

73 Izany dia tsy nanova an'i Mosesy fotsiny ihany. Izany dia nanova ny Isiraely. Izany dia nanova an'i Egypta. Izany dia nanova an'izao tontolo izao tamin'io fotoana io, satria lehilahy anankiray no nihaona tamin'Andriamanitra ka nandray Azy tamin'Ny Teniny.

74 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia olona iray hihaona amin'Andriamanitra, mifanatrika, ary hiresaka Aminy, ilay fisehon-javatra. Rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny olona, dia miova ireo zavatra. Izany tokoa. Izany ihany no fomba tokana azontsika hahazoana zavatra.

75 Ary nanomboka tamin'io fotoana io, Mosesy ilay kanosa, Mosesy ilay anankiray izay nandositra, dia efa novaina. Ary hatramin'io fotoana io, dia lasa mpanompon'ny Tompo izy. Tahaka an'izany foana no iasan'ilay izy. Rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny olona iray, dia miova ireo zavatra.

76 Nisy zazavavy kely iray indray mandeha, tsy nihoatra ny valo ambin'ny folo taona, na angamba tsy izany taona izany, izay teny amin'ny làlany nankany amin'ny fantsakana iray indray maraina, mba hahazo rano iray siny, tany Nazareta. Zazavavy kely iray mahafinaritra izy. Nino izy. Nanana finoana izy. Fa, tamin'io maraina io, dia nihaona tamin'Andriamanitra izy. Ary niteny zavatra taminy Andriamanitra, ka nino an'izany izy. Ary izany no nanova an'ilay làlam-piainana manontolo ho an'ilay vehivavy, ka manao azy tsy mety maty. Ny anarany dia Maria, ny renin'i Jesosy Tompontsika. Zazavavy kely iray tsotra fotsiny ilay ramatoa kely, saingy nihaona tamin'Andriamanitra izy. Ary nanomboka tamin'io fotoana io, dia nisy zavatra nitranga. Izany tokoa.

77 Nisy lehilahy iray amin'ny anarana hoe Petera, mpanjono antitra matanjaka iray, angamba henjana mihitsy arak'izay nahatongavan'izy ireo. Ary angamba goavana be iray mampitahotra izy. Satria, teto indray andro lasa izay, dia nahita an'ilay tantara aho, nantsoina hoe, "Ilay Mpanjono Goavana." Nieritreritra aho fa tena famaritana tsara iray ny amin'i Petera izany, satria tena lehilahy antitra iray goavana matanjaka izy. Tsy manahy na inona na inona izy. Saiky tsy nino na inona na inona izy. Fa, indray andro, dia nihaona tamin'Andriamanitra izy. Ary hatramin'io fotoana io, dia novaina izy. Hatramin'io fotoana io, dia lasa apostoly iray an'i Jesosy Kristy Tompo izy.

78 Araka ny notenenin-dRahalahy David duPlessis tamintsika vao teo, mikasika an'i Saoly avy any Tarsisy, mpamono olona iray, izay nihazona ny palitaon'ireo mpamono olona, teo, ary vavolombelona, ka nijoro vavolombelona ny amin'ny fahafatesan'i Stefana maritiora. Nanana an'ireo taratasy tao anatin'ny paosiny izy, mba handeha hankany amin'ilay—ilay lohan'ny filan-kevitr'ireo fiangonana, ka hisambotra an'ireo olona izay nanao tabataba be loatra, nihiakiaka, ary nidera an'Andriamanitra. Lehilahy malaza iray teo imason'ireo Fariseo izy. Fariseon'ireo Fariseo izy. Fa, indray andro, dia teny amin'ny làlany nankany Damaskosy izy, ary nihaona tamin'Andriamanitra. Hazavana iray no namiratra nanodidina azy. Ary nanomboka tamin'io fotoana io, dia tsy Saoly avy any Tarsisy intsony izy. Fa Paoly izy, ilay anankiray

manetry tena, ilay anankiray malemy fanahy, satria nihaona tamin'Andriamanitra izy, ary Izany no nanova azy.

79 Nisy boka iray nandry teo amin'ny vavahady. Tsy afaka nanasitrana azy ireo fanafodin'ny fitsaboana rehetra. Lasa tena niha-lehibe ireo feriny lò hany ireo tànany ka tsy afaka nitsangana, intsony. Ary ireo tongony, zara izy raha afaka nitaritarika azy ireo. Tsy nisy fanantenana ny momba azy. Saingy nihaona tamin'Andriamanitra izy, indray andro, teo ampivoahana an'ilay vavahady. Ary niankohoka izy sady nanompo, ka hoy izy hoe, "Raha Sitrakao, dia afaka hanao ahy hadio Ianao."

80 Dia hoy Izy hoe, "Sitrako. Madiova ianao." Ary hatramin'io fotoana io, dia tsy nanana habokana intsony izy, satria nihaona tamin'Andriamanitra.

81 Nisy lehilahy iray jamba nipetraka teo amoron-dàlana. Ary tsy afaka nahita ny andro sy ny aizina izy. Tsy nisy na inona na inona afaka nanampy azy. Indray andro, dia nivoaka avy tao an-tanànan'i Jeriko ny Olona iray, ary tamin'izay no nihaonany tamin'Andriamanitra; ary hatramin'io fotoana io, dia afaka nahita izy. Tonga taminy ny fahitany. Niditra tao anatin'ny masony ny fahitan'ny hazavana, ka afaka nahita indray izy. Satria, hatramin'io fotoana io, rehefa nihaona tamin'i Jesosy izy, dia lehilahy hafa iray izy. Nahazo ny fahitany izy.

Rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny olona iray, dia misy zavatra mitranga tanteraka tokoa.

82 Nisy lehilahy tanora iray, indray mandeha; tsy isalasalana, fa teratany tsara iray an'ilay firenena, saingy tonga teo aminy ny famelezana. Ary tena ratsy izy hany ka tsy afaka nahatazona azy ny tranon'ny fonja. Ary nafatotr'izy ireo tamin'ny rojo izy. Fa nanana devoly legiona iray izy, tao aminy, hany ka afaka nanapaka an'ilay rojo izy ary nanafaka ny tenany. Ary ireo devoly dia nitarika azy nankany amin'ny tokontanim-pasana iray, izay nijanonany tao anatiny tao. Dia nalainy ireo takelabato ary, lasa tena ratsy fanahy, nodidiany ny tenany manokana. Oh, lehilahy iray tena mampahatahotra izy. Rehefa niala taminy ireo famelezana, tsy isalasalana fa nieritreritra izy hoe, "Inona no ataoko eto?" Ary saiky tamin'io fotoana io, dia niverina taminy indray ireo devoly, ary nandidy azy sy nandrovitra azy. Fa, indray andro, dia nihaona tamin'i Jesosy izy. Ary nanomboka tamin'io fotoana io, dia nahazo ny sainy tsara ilay adalan'i Gadarena, niakanjo, nipetraka teo an-Tongony. Afaka niverina nody izy, toy ny lehilahy mihaja iray. Afaka niverina nankany amin'ny fandrosoana izy. Afaka niverina nankany amin'ireo malalany izy, ary afaka nilaza hoe, "Hatramin'io fotoana io, dia novaina aho." Eny.

83 Nisy indray andro, tany Kalvary tany, rehefa nihaona Andriamanitra sy ny fahafatesana, nifanatrika, rehefa tonga

niaraka ny Fiainana sy ny fahafatesana. Fa tamin'izany ny Fiainana, Kristy, no nisintona an'ilay fanindronan'ny fahafatesana. Ary hatramin'io fotoana io, dia tsy nanana fanindronana ny fahafatesana tao anatiny. Tena faly aho ny amin'izany. Andriamanitra! Nihaona ny fahafatesana sy Andriamanitra, niaraka. Tsy nitovy tamin'ny taloha intsony ny fahafatesana. Tsy manana fanindronana amin'izany intsony izy ankehitriny. Afaka mandeha avy hatrany eo anatrehany ny mpino Kristiana ka manao hoe, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ry fasana, aiza ny fandresenao?" Nahoana? Samy nihaona tamin'Andriamanitra izy roa ireo. Tsy mitovy amin'ny taloha intsony izy ireo hatramin'izay fotoana izay.

84 Tsy misy olona afaka ny hitovy amin'ny taloha intsony, tsy misy na inona na inona afaka ny hitovy amin'ny taloha intsony, rehefa mihaona amin'Andriamanitra indray mandeha izany. Tsy hitovy amin'ny taloha intsony ianareo.

85 Afaka mahatsiaro aho teto nandry teo amin'ny fandrian'ny hopitaly. Nanome ahy telo minitra hahavelomana ireo dokotera. Ny foko dia nidoboka, im-pito ambin'ny folo isa-minitra. Nihaona tamin'Andriamanitra aho. Hatramin'izay fotoana izay, dia tsy mitovy amin'ny taloha intsony aho. Nisy zavatra nitranga tamiko. Tsy nisy anankiray afaka niteny zavatra hafa tamiko. Maty Bill Branham. Nihaona tamin'Andriamanitra aho, ary nisy Zavatra niditra tato amiko. Tsy nitovy tamin'ny taloha intsony aho hatramin'io minitra nihaonako Taminy io. Nanova ahy Izy. Nanao ahy ho zavatra hafa iray Izy. Tsy nila voadin'ny Taona Vaovao iray izany, fa nihaona tamin'Andriamanitra aho.

86 Ry lehilahy sy vehivavy, rehefa mihaona amin'Andriamanitra ianareo, dia novaina. Manao an'ireo voadintsika an'ny Taona Vaovao isika izao hariva izao; mandeha miverina ny ampitso maraina, mandrava azy ireny; ny andro manaraka, mandrava azy ireny. Fa ny ilaintsika hatao, dia tsy voadin'ny Taona Vaovao iray, fa mila tonga mifanatrika amin'Andriamanitra isika, ary manana Fiainana Mandrakizay, hateraky Ny Fanahiny.

87 Nisy lehilahy antitra iray, indray andro, ary tsy afaka nanapa-kevitra izy tao an-tsainy. Nanohy nikapoka azy tamin'izany ny devoly. Indray andro, teny amin'ny saha, dia nandohalika izy mba hivavaka. Raha mbola nivavaka izy, dia nitaritarika vodi-hazo iray. Hoy izy hoe, "Aoka ity no ho tsangambato iray. Satana, raha toa ka hanatona ahy indray ianao, dia hanondro an'ity vodi-hazo ity aminao aho. Hiteny aminao avy hatrany aho fa nihaona tamin'Andriamanitra aho teto, ary nilamina hatreo izany nanomboka teto." Izany no ilaintsika, angamba tsy vodi-hazo iray any amin'ny saha iray, fa any ho any, efitra miafina kely iray, toerana iray. Tsy ny . . .

88 Oh, izao hariva izao, dia hisy voady an-jatony hatao, an'arivony amin'izy ireny no hatao. Ary amin'ny taona manaraka isika dia tsy maintsy hanao azy rehetra, indray. Hilaza isika hoe, "Hitsahatra tsy handainga isika. Hitsahatra tsy hanao an'*ity* isika. Ary hesorintsika ny fahatezerantsika. Hanao betsaka ho an'Andriamanitra isika. Isika dia hanao an'*ity*, na *itsy*, na ny *hafa*," mba ahitana fotsiny, fa foana izany.

89 Fa ny ilain'ny olona hatao, izao hariva izao, dia ny tonga mifanatrika amin'Andriamanitra. Ary manomboka amin'izay fotoana izay, dia olona iray niova izy. Haleloia! Oh, maniry aho ny ho afaka hiteny azy amin'ny fomba izay inoako azy. Fa rehefa mihaona amin'Andriamanitra ny olona iray, dia niova izy, hatramin'io minitra io, amin'ny sisa amin'ny androny. Tsy hitovy amin'ny taloha intsony izy, satria manana Fiainana Mandrakizay. Olom-baovao iray izy. Efa lasa ireo zavatra taloha, ary lasa vaovao ireo zavatra rehetra ho azy. Lasa vaovao izy.

90 Afaka mandeha eo anatrehan'Andriamanitra ilay lehilahy marary, rehefa nilaza ireo dokotera hoe, "Ho faty izy." Fa afaka nandeha teo anatrehan'Andriamanitra izy, ka nandahatra ny aminy. Ary hiala izy, olona hafa iray, ary manomboka amin'io fotoana io.

91 Oh, tsaroako ilay lehilahin'ny Kongresy Upshaw, nipetraka tao anaty seza misy kodiarana iray nandritry ny enina amby enimpolo taona. Tamin'io hariva io, tany California tany, rehefa nidina ny Fanahy Masina, ka nanomboka niteny, dia nihaona tamin'Andriamanitra izy. Ary nanomboka tamin'izay fotoana izay, dia afaka nandeha tsy nisy ny tehiny izy.

92 Efa nahita ny fotoana izay nandrian'ireo olona lanin'ny homamiadana aho, tsy misy afa-tsy aloka iray. Ary nandalo ireo dokotera ka nanao hoe, "Lasa izy ireo." Niangona teo ireo malalan'izy ireo, mba hilaza an'ireo teny farany izay vitan'izy ireo, ho azy ireo, fampaherezana. Fa nihaona tamin'Andriamanitra izy ireo, ary, nanomboka tamin'io fotoana io, dia novaina izy ireo. Miaina hafa izy ireo.

93 Afaka mahita an'ilay vehivavy adala aho, tany amin'ilay làlambe. Afaka mahita an'ilay mamolava aho, tany amin'ilay làlankely. Afaka mahita an'ilay mpihatsaravelatsihy aho, tany amin'ilay fiangonana. Ireo karazan'olona samihafa rehetra ireo, isaky ny Taona Vaovao, dia mamadika ravin-taratasy vaovao iray, ary miezaka ny manao zavatra hafa, miezaka ny manao famerenana sy manao ny sisa. Avelao izy ireo hihaona amin'Andriamanitra, indray mandeha, ary manomboka amin'izay fotoana izay.

94 Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nitory teny tamin'izy ireo Jesosy, izay nitoetra tao amin'ny faritry ny aloky ny fahafatesana.

95 Ary milaza aho, izao hariva izao, fa raha te-hanana tena fiovana iray ho tonga aminy ny olona iray, dia aoka izy ho tonga hifanatrika amin'Andriamanitra, ary hihaona Aminy indray mandeha, amin'izay fotoana izay izy dia afaka hanao hoe, "Nanomboka tamin'izay fotoana izay, hatramin'io fotoana io, dia olona niova iray aho. Mahafantatra amin'ny alàlan'ny fahatsapana aho."

96 Ao anatin'ny fotoana fohy, dia hiangona manodidina ny alitara eto ny fiangonana. Ianareo dia hanokana ny tenanareo, indray. Handao an'ireo zavatra ianareo, ary hametraka an'ireo zavatra eo amin'ny alitara. Rahalahy, mamelà ahy hanome tolotsaina ho anareo. Raha mbola tsy nihaona tamin'Andriamanitra mihitsy ianareo, nifanatrika, dia mamelà ahy hiteny zavatra aminareo. Mijanòna eo amin'io alitara io. Mijanòna fotsiny eo mandra-pihaonanareo amin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia afaka manondro ny rantsan-tànanareo indray mankany amin'ity alin'ny Taona Vaovao ity ianareo. Tsy hanondro, ka hanao hoe, "Namadika pejy vaovao iray aho. Nanao voady vaovao iray aho." Fa, "Nanomboka tamin'io fotoana io, dia nihaona tamin'Andriamanitra aho. Ary niova ny fiainana, ary hafa ireo zavatra. Dia lasa vaovao ny zavatra rehetra, ho ahy, indray, nanomboka tamin'io fotoana io," ilay fotoana izay ihaonanareo amin'Andriamanitra.

97 Ilay izy dia tsy, mihaona amin'ny Taona Vaovao iray. Hiatrika an'izany isika, afaka minitra vitsy. Afaka kelikely, eo amin'ny adiny roa sy sasany eo, heveriko. Angamba latsak'izany. Hihaona amin'ny Taona Vaovao iray isika, hifanatrika. Hihaona amin'izany miaraka amin'ireo voady isika. Hihaona amin'izany miaraka amin'ireo fanomezan-toky isika. Hihaona amin'izany miaraka amin'ny fikasana tsara isika. Hihaona amin'izany isika, hanao hoe, "Hiezaka hamadika pejy vaovao isika. Hiezaka ny hanao hafa isika." Tsara izany rehetra izany. Mankasitraka an'izany aho.

98 Fa rahalahy, tsy ho Mandrakizay mihitsy izany raha tsy mihaona amin'Andriamanitra ianareo, aloha. Rehefa mihaona amin'Andriamanitra ianareo, aloha, ary, manomboka amin'izay fotoana izay, dia ho hafa ny zavatra rehetra.

Ndao isika hivavaka raha manondrika ny lohantsika isika.

99 Tompo Jesosy, Zanak'Andriamanitra, tsaroako ilay fotoana izay nihaonako Taminao, Tompo. Tsaroako, mahantra iray ory, niaina fiainana mendrika tsara iray, tsy nandeha nihodinkodina, nisotro, na niloka, na nifoka, na ny sisa. Fa fantatro, Tompo, rehefa nitsofoka nisokosoko tao amin'ilay efitry ny hopitaly ny fahafatesana, roapolo taona lasa teo izay, dia nisy zavatra banga teo amin'ny fiainako. Teo no nihaonako tamin'Andriamanitra, ary hatramin'io fotoana io. Hatramin'io fotoana io, Tompo, dia niezaka nanompo Anao aho. Efa novaina ny fiainako ary lasa

hafa ny zavatra rehetra. Tena faly aho fa nihaona Taminao, Tompo. Ary izao hariva izao, miatrika ny Taona Vaovao, dia faly aho ny milaza fa afaka miatrika an'izany amin'ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona ato am-poko aho.

100 Omeo fahatsapana izahay, Tompo. Omeo anay ny Fahatsaranao sy ny famindramponao. Mamelà anay ny amin'ireo fahotanay. Ary avelao izahay ho velona mandritr'ity taona ho avy ity, O Tompo Andriamanitra, miaraka amin'ny fahatsapana iray, hoe efa nihaona Taminao izahay ka efa niova ny fiainanay. Ekeo izany, Tompo. Mamelà anay ny amin'ireo tsirambinay. Apetraho ao anatinay Ny Fanahinao Masina. Tariho izahay ary tariho làlana.

101 Ray, Andriamanitra, indro ny 1960, manatrika ahy. Ary misy ireo fanararaotra ho an'ny fivoriana manerana an'izao tontolo izao, izay toy ny hoe an'alinaliny, sy an'arivony sy an'arivony amin'ireo mpanompo sampy iringiriny mihitsy aza, mpanompo sampy, sy ny sisa, no mety hanatona Anao. O Tompo Andriamanitra, miaraka amin'Ny Fanahinao ato am-poko, dia manatrika ny Alitaranao aho, izao hariva izao, ary manatrika Anao, ka manao hoe, "Ampio aho, O Andriamanitra. Mirehitra amin'ny hafanam-po iray ny foko. Tiako Ianao, Tompo. Atolotro Anao ny tenako, ho amin'ny asa. Tariho aho na aiza na aiza Tianao hitarihana ahy. Iraho aho na aiza na aiza Tianao hanirahana ahy, Tompo. Mitenena fotsiny, dia handeha aho.

102 Tahio ny fiangonako. Tahio Rahalahy Neville. Tahio ny olona rehetra eto, ireo vahiny ao amin'ny vavahadinay. Ny pasitera rehetra izay hiresaka, isaky ny fotoana, mandritry ny hariva, mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hitahianao ny asam-panompoan'izy ireo. Tahio Rahalahy Neville. Tahio Rahalahy Junie Jackson. Rahalahy Beeler, ireo mpitoriteny hafa rehetra ireo, tahio izy ireo, Ray. Omeo taona lehibe iray izahay amin'ny 1960.

103 Izahay, Tompo, izay mahafantatra fa efa nihaona Taminao izahay, nifanatrika, ka mahafantatra hoe inona no dikan'ny nateraka indray avy tamin'Ny Fanahinao, dia omeo anay ny Fahasoavanao Mandrakizay, mba hanompoana Anao. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

104 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] 1960, aza mamela an'izany, hoe, "Namadika pejy vaovao iray aho." Aza mamela an'izany, hoe, "Miezaka ny hanomboka fiainana vaovao iray aho." Fa aoka izany, hoe, "Nihaona tamin'Andriamanitra aho, ary hatramin'io fotoana io, nanomboka tamin'io fotoana io, dia nanana fiadanana aho izay mihoatra ny fahazoana. Nanana fifaliana tsy hay lazaina aho, ary feno voninahitra. Nahazo fahafaham-po iray aho. Na dia ho tonga eo amiko aza ny fahafatesana, dia ho eo an-

tsandrin'Andriamanitra aho, iray minitra aorian'ny ivoahan'ny fofon'aiko farany. Tsy mampaninona izay ho tonga sy handeha!"

105 Avelao izy ireo hanapoaka azy, amin'ny Alahady alina, raha te-hanapoaka izy ireo. Raha te-hanapoaka izy ireo, dia tsy hirefotra manerana ilay baomba raha tsy efa any amin'ny Voninahitra miaraka Aminy isika. Amena. Tsy misy na inona na inona afaka handratra antsika. Haleloia!

106 Tena faly aho fa nihaona tamin'Andriamanitra. Tena faly aho fa afaka milaza hoe, "Hatramin'io fotoana io." Paingory eo amin'io toerana io izany! "Rehefa nihaona tamin'Andriamanitra aho, dia nisy zavatra nitranga tamiko. Novaina aho, hatramin'io minitra io. Efa novaina aho, hatramin'izany." Tena faly aho ny eo amin'ity làlana ity, izao hariva izao, ho vavolombelona iray ho an'ny Voninahitra sy ny Herin'Andriamanitra. Zavatra ratsy kely iray teto, fa nidina Andriamanitra tany ary nanome ahy ny Fahasoavany, sy namonjy ahy, ka nanasitrana ahy, ary nameno ahy tamin'Ny Fanahiny. Ary namela ahy hitory Ny Filazantsarany, izay voninahitra lehibe indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao. Hatramin'io fotoana io, hatramin'izao fotoana izao, dia tsy nanana nenina iray mihitsy aho. Fa efa nankasitraka aho, tamin'ireo andro rehetra ireo, ary hankasitraka, mandritry ny Mandrakizay rehetra, fa nihaona tamin'Andriamanitra.

Andriamanitra hitahy anareo. Eny àry, Rahalahy Neville.

Ary Hatramin'Io Fotoana Io MAG59-1231
(And From That Time)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany tamin'ny Ankatoky Ny Taona Vaovao, ny Alakamisy hariva, 31 Desambra, 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org